Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Janoary 2014

FILAZANA

Tonga soa ato anatin'ny fianakaviam-be "Salohy" ary ianao. Isaorana ianao nanaiky antsitra-po izany andram-piainana izany.

Mba hazava tsara ary dia manasa anao an-tanandroa aho hamaky ny

"fe-petra"izay iangaviana an-tanan-droa mba ekenao fa raha tsy manaiky izany ianao dia manala ny tenanao ao anatin'ilay fianakaviana:

Fe-petra:

Hiezaka izahay aty amin'ny foibe mba handefa ny formation "Salohy"isam-bolana. Noho izany:

- ♥ ***Raha mañana adresse E-mail ianao dia omeo anay aty mba ho tonga malaky ny formation sy ny valiny avy aminao***
- ♥ ***Raha misy tsy azonao ny ao anatin'ny taratasy dia manantona ny tompon'andraikitra Salezianina akaiky anao indrindra.***
- ♥ ***Tsara raha manantono matetika ny Ray am-panahy na reny am-panahy ianao mba miresaka ny momba anao sy ny experience izay ataonao.***
- ♥ ***Vao vita ny valiny dia omeo ny tompon'andraiktra any an-toerana ary rehefa vitany ny fitsarana ny valim-panontaniana dia alefaso malaky aty aminay (foibe Antananarivo) satria vao tsy tonga alohan'ny faha 15'ny volany ny valinny dia tsy afaka manohy intsony ianao.***

Ity ary ny adresse E-mail

pdjmada@yahoo.fr

Misaotra ô

I. Teny mahavelona

NY MPIANATRA NO MANARA-DIA AN'I JESOA

Evanjely tamin'i Md Marka 6,1-6

Nony niala teo I Jesoa, dia nankany amin'ny tanàna nahabe Azy, ary ***nanaraka Azy ny mpianany****. Ary rahefa* ***sabata ny andro****, dia nampianatra* ***tao amin'ny sinagôga Izy****, ka be tamin'izay nihaino Azy no gaga tamin'ny fampianarany sy nanao hoe: Taiza no nahazahoan'izy io izany rehetra izany? Fahendrena manao ahoana izao nomena Azy izao, ary ahoana no ahefan'ny tanany ireny asa mahagaga ireny? Moa tsy izy io ve ilay* ***mpandrafitra****,* ***zanak'I Maria****,* ***rahalahin'I Jakoba sy I Jôsefa ary I Jodà sy I Simôna****? Moa tsy atý amintsika ve ny anabaviny? Dia voasakana hino Azy ry zareo. Fa hoy I Jesoa taminy: Tsy misy mpaminany tsy enin-kaja afa-tsy amin'ny taniny sy amin'ny fianakaviany ary amin'ny havany ihany. Ary tsy afaka nanao asa mahagaga akory Izy teo, fa marary vitsivitsy monja no nositraniny tamin'ny fametrahan-tanana, ary gaga Izy noho ny tsy finoan'ireo. Dia nitety tanàna kely manodidina sy nampianatra Izy.*

Fandinihana

✫ **NY FAHENDREN'I JESOA**

Ireo rahalahin'I Jesoa sy ny anabaviny dia ireo Ray aman-dreniny sy ireo olona mahalala azy ihany. "Taiza no nahazahoan'izy io izany rehetra izany? Azo inoana ve fa I Jesoa nandeha any an-tany lavitra mba hanovo fahalalana ka hianatra fahagagana? (Amin'ny Hebrio, na ny Ray aman-dReny aza dia antsoina hoe rahalahy, sy anabavy).

Mihoatra ny 500 ny teny rahalahy miverimberina ao amin'ny Testamenta Taloha. Marika manokana izany fa misy ny fifankahazoana: ao anatin'ny fianakaviana iray, firazanana, foko iray aza azo tsorina hoe vahoaka Israely iray. Rahefa te-hanasongadina fa rahalahy marina amin'ny dikany ankehitriny, dia lazaina hoe: zanakalahin-dReniny ary raha tsy iray tam-po izy dia antsoina hoe zanaka rahalahin-dRainy. Deteronomy 13,7;27,22

Noho I Jesoa niara-nonina hatrany amin'izy ireo sy tsy nanao asa mahagaga, dia gaga izy ireo fa vetivety foana dia nalaza eran'ny Galilea I Jesoa. Na dia izany aza dia tsy mahalala Azy izy ireo na dia inoany ho fantany aza fa olona akaiky azy.

✩ ***"Tsy misy mpaminany tsy enin-kaja afa-tsy amin'ny taniny "*** *raha niaina ela loatra teo akaikiny izy ireo, ary noheveriny sahala amin'ny olon-kafa na olona tsotra hitany an-davanandro, ahoana ary no hahafahany hametraka ny finoany Aminy.*

✩ ***"Nefa Mpandrafitra ihany "ny*** *Evanjely mampiasa teny sy hevitra mivelatra dia mivelatra ihany, ny mpanao hairaha mampiasa zavatra tsotra izay azon'ny vahoaka ambanivohitra ampiasana na ilaina. Nefa ireo Kristianiana voalohany tao Palestina dia efa nilaza hatrany fa I Jesoa mpandrafitra. Ahitana soritra fankahalana ity fomba filaza ity. Raha nianatra tao amin'ny sekoly mpampiana-dalana malaza I Jesoa dia ho azo heverina ihany! Nefa mahatalanjona fa olona tsotra mpandrafitra.*

✩ ***"Fahendrena manao ahoana izao nomena azy izao"*** *maro ny milaza fa Andriamanitra I Kristy, mahafantatra ny zavatra rehetra. Fa ny fahaizan'Andriamanitra dia tsy misy hafa afa-tsy Izy Andriamanitra tenany ihany: eo foana amin'ny fotoana maharitra sy tsy miserana ary mandrakizay Izy. Mifanohitra amin'izany ny an'ny olombelona fa ny fandinihany nivoatra nanaraka ny vanim-potoana. Ary ny fahaizan'Andriamanitra tsy ho afaka ao amin'ny olona raha tsy toa ka tena olona fotsiny ihany Izy. I Jesoa mba nianatra toa antsika ihany koa, niaina andram-piainana, sy nitrandraka ny zava-baovao teo amin'ny fiainany. Nefa tam-boalohany izy dia efa nahatsapa hoe Zanaka na dia tsy nisy teny nahafahana naneho izany.*

Nianatra ny maha olona tamin'I Maria sy I Josefa ary ireo mpiray tanindrazana aminy tao Nazareta. Noraisin'ny tamin'izy ireo ny Baiboly sy ireo kolontsaina Jody. Nefa ny Rainy nanome ny Fanahiny taminy mba hahafahany mitsara tahaka ny nataon'Andriamanitra izay mahafantatra ny zavatra rehetra.

Toraka Azy koa isika tsy hoe mahafantatra boky be dia be sy manana andram-piainana maro isan-karazany fa mba ho afaka mankafy izay rehetra miseho. Jesoa nahalala ny dikan'ny fiainana amin'ny fomba fihevitra vaovao, noho ny Fanahy Masina ao aminy. Izany no tena fahendreny.

Fotoana fandinihanao mangina

✩ Andramo faritana ireo fotoana, andro, toerana ary olona manao ahoana no nanodidina an'I Jesoa?

✩ Lazao ny hevitr'I Jesoa tamin'io fotoana io, inona no lazain'ny olona momba Azy ?

✩ Ho ahy manokana, inona no dikan'ny hoe "manara-dia an'I Jesoa"? inona no takin'izany amiko amin'ny fiainako andavanandro.

II. Vatsy

"Tiako hosoritana mazava tsara ilay saha hiainanao kokoa ilay asa misionera nirotsahanao. Ny voalohany dia ny fifandraisan-davitra, ka lohalaharana amin'izany ny aterineto." – Benoî t XVI, 3 oktobra 2012.

Barbara no anarako ary 19 taona aho izao. Tamin'alalan'ny internet no nanamafy bebe kokoa ny finoako. Izany hoe tsy tamin'alalan'ny internet no nahafantarako ny Fiangonan'i Kristy. Tsy hitantara ireo "katolikan'ny internet" velively aho tsy akory fa hilazalaza kosa ireo olona izay miaina andavan'andro ny finoany, ivealn'izany tontolon'ny internet izany. Manana blog aho ankehitriny izay nomeko ny anarana hoe "Donzela Cristã" ka amin'alalan'izany indrindra no itoriko ny Vaovao Mahafaly, mba ahafahako manome tànana amin'ny fanabeazana ireo tanora katolika. Tsindraindray toa kivy dia kivy aho manolona ny vokatra aterak'izany blog izany kanefa rehefa mamaky ireo hafatra nalefan'ity tovovavy iray izay na koa hoe mahatsikaritra aho fa amin'itony fitaovana itony no anatonan'ny olona sasany an'i Kristy Tompontsika, vao tsapako fa misy antony avokoa ireo ezaka nataonay, toa nanome nitsiry ilay voa nafafy teo amin'ny tany lonaka: zato heny, fitopolo heny na koa telopolo heny. (Mt 13, 8).

Araka ny voalazan'ny Ray Masina hoe, " mba hahafahantsika milaza mahakasika an'Andriamanitra voalohany indrindra dia tsy tsy maintsy mitafa amin'Andriamanitra aloha isika". Noho izany tsy azotsika atao tsirambina velively ny fiainana anaty sy ny fiofanana. Fananana ray am-panahy azo antoka, fandraisana anjara amin'ireo sakramenta, indrindra indrindra ny sakramentan'ny fampihavanana sy ny Sorona Masina matetika, fa ireo mantsy no fitaovana fototra mba hahafahantsika mahatratra an'ilay tanjona tratrarintsika di i Jesoa Kristy.

Hitako ho hafahafa tokoa izao fangatahan'ny sasany mba hitantarako ny andram-piainana kristianina ao anatina gazety. Mpikambana ao anatin'ilay antsoina hoe Opus Dei aho, ka ny mpanorina an'izany fikambanana izany dia nanafatrafatra mafy mba hiezahan'ny mpikambana amin'ny fanamasinan-tena amin'ny fotoana rehetra; ohatra amin'izany: ao am-birao, mandritra ny fitsangatsangana miaraka amin'ireo namana …. Ny zavatra rehetra dia afaka ary tokony hatolotra an'Andriamanitra avokoa. Tao amin'ilay Foiben-kolotsaina izay idirako matetika no nahitako an'ity peta-drindrina misoratra hoe "2013 Asa ho an'ny JMJ". Anisan'ireo asa ataonay amin'izany ny: fianarana mandritra ny adiny iray, Arahaba ry maria anankiray, fahasahiranana anankiray izay nekenay, fihaonana anankiray izay nandraisanay anjara.... ary ianao ihany izay mamaky an'izao hafatra izao, afaka ihany koa n ny manolotra an'izany vakiteny izany amin'i Tompo ianao! Afaka manolotra ny fiainantsika manontolo amin'Andriamanitra isika! Izy manontolo! Araka ny voalazan'i masindahy Josemaria

Escrivá, “amin’izay toerana misy ireo rahalahintsika, Raolombelona, amin’ireo toerana misy ny fanirintsika, ny asantsika, ny fitiavantsika, — io ilay toerana ihaonantsika amin’i Kristy isan’andro. Ary an’isan’ireo zavatry ny tany izay tokony hohamasintsika, eo am-panompoana an’Andriamanitra sy olombelona rehetra.” (Navarra, 1967).

An’isany zavatra anankiray nianarako tamin’ity olomasina lehiben’ny taona maoderina ity ny fahaizana mibanjina ny mesterin’ny raozery masina. Ohatra amin’izany, rehefa mibanjina ny nahaterahan’i Kristy isika, ao amin’ny mistery mahafaly, afaka mandray anjara ho isan’ireo olona voalaza tao amin’ny tantara isika. Mitrotro an’ilay zazakely, manoroka azy matetika, mahita ny endrika miramiran’i Maria sy ny fitoniantsaina hita eo amin’ny fijerin’i Josefa.

Izany no sos-kevitra tiako hampitaina aminao, ianao izay mamaky an’izao hafatro izao. Nahoana no tsy ampiasainao hanaovana sapile ho an’ny Papa sy ny fampandrosoana ny asa fampielezana ny finoana, ny fotoana ankanesanao any amin’ny Oniversite, any an-tsekoly na any amin’ny toeram-piasana? Mankaleo ny zavatra rehetra raha tsy eo ny fitiavana, tsy misy vidiny!!! Arakaraka ny anakaikezantsika an’i Masina Maria no maha-zanaka antsika bebe kokoa. Ankino am-pitokiana eo am-pelatanana’i Masina Maria izao tontolo izao, ireo tanora ary dia hiombona mandrakariva amin’olomasina hatrany isika. Bárbara Lores

Fanontaniana

1. *Omeo lohateny io tantara io.*
2. *Rahefa namaky an’io tantara io ianao, milaza ventin-kevitra telo (3) nolazain’i Barbara Lores fa manan-danja.*
3. *Inona no nampahomby ny asa fitoriana nataon’ity tovavy ity tao amin’ny internet?*
4. *Ankoatra ny internet, inona koa ny fitaovana hafa mety hahomby amin’ny asam-pitoriana eto Madagasikara? Ahoana ny fomba fampiasa azy?*

III. Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Ny fanabeazana Salezianina sy ny fanabeazana netim-paharazana

*Tsy hamerina intsony ny atao hoe Système preventif izahay nefa na dia izany hamintina azy ihany amin'ny tableau. Hiezaka ary izahay hampahafantatra amintsika amin'ny ankapobeny ny fanabeazana nentim-paharazana eo amin'ny fiainana andavan'anadro. Tsy namaky ireo andry telo iankinan'ny asa fanabeazana araka izay naroson'i don Bosco ny Malagasy fahiny , kanefa raha tarafina ireo fomba amam-panao vitsivitsy hita teo amin'ny fiaraha-monina taloha dia mazava fa nanana ny fomba manokana nentiny naneho an'ilay **fitiavana** azo tsapain-tanana sy nampiasa **ny fisainana** ary nanome lanja ny **ara-panahy** koa izy ireo.*

Raha lazaina amin'ny teny hafa dia ilay endri-panabeazana azon'i Joany kely tao Becchi, fanabeazana nomen'i Mama Margherite no hita mifandraika betsaka tamin'ny fomba nentin'ny Malagasy namolavola olom-banona. Teo anivon'ny fiaraha-monina no nanabeazan'ny Malagasy ny taranany ary nobeaziny ho tia ny fiaraha-monina izy ireny.

Tsy fanabeazana olona tsy hanana hazon-damosina akory sanatria no nataony tamin'izany fa fanabeazana ny maha-izy azy ny tsirairay mba ho afaka hitondra ny ajara-birikiny sy hanana ny anjara toerany teo amin'izany fiaraha-monina izany.

Ataontsika fampitahana amin'ny tableau ary ny fanabeazana malagasy nentin-drazana sy ny fanabeazan'i don Bosco ka isika no handinika ny hitovizany sy ny maha samihafa na ny zavatra mety ilain'ny fanabeazana salezianina ao amin'ny fanabeazana nentin-drazana.

Ahoana ary no azo hamaritana an'ireo andry telon'ny fanabeazan'i don Bosco teo amin'ny Malagasy?

Ho raisintsika tsirairay ary ireo andry telo ireo ary ny hanombohan-tsika azy dia ny Fitiavana :

FITIAVANA (Amorevolezza)	
NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY EO AMIN'NY FIAINANA ANDAVANANDRO	**FANABEAZAN' I DON BOSCO**
"Ny adalan'ny hafa hihomehezana fa ny adalan'ny tena tafian-damba". Io no isan'ireo teny filamatra misarika ny Malagasy hanabe sy hanoro lalana ny taranany. Tsy midika ho fanavakavahana io, na dia eo tokoa aza ny hoe "ny adalan'ny hafa hihomehezana", fa entina manamafy ny hevitra tiana ampitaina ao amin'ilay tapany faharoa hoe "ny adalan'ny tena tafian-damba". Izany hoe matoa misy ny fananarana atao amin'ny zanaka ao an-trano dia tsy fanalam-baraka na fihomehezana azy no antony fa ny hanalana henatra ka hanafiana lamba azy. Tsy voazarazara tokoa ny fitiavan'ny Malagasy: izany hoe tsy mba manavakavaka ny Malagasy ary tsy miandry tambiny fa feno ny fitiavana atolony ny taranany: "tsy mijery arina an-tava" no filazany azy. Rehefa mahita tsy mety eo amin'ny toetran'ny mpiara-monina izy dia miteny sy milaza am-pahatsorana, araka ny hitsiny, an'izay hitany. Tsy miandry an'io fotoana hahitana lesoka sy tsy mety io nefa izy vao mihaona na mifampidinika amin'ny taranany fa saika isan'andro dia manokana fotoana ho an'izany mihitsy: io ilay nataony hoe sekoly amorom-patana. Amin'ny fotoana mampalalaka ny ankamaroan'ny mpianakavy no isian'izany fihaonana izany ka matetika dia ny takariva rehefa miverina avy niasa iny ka miandry ny fahavononan'ny sakafo hariva no fotoana tsara indrindra. Ny afo ao an-dakozia no solon'ny jiro manazava sy manome hafanana amin'izany. Ary ny zokiolona ao an-trano no	➢ <u>"Amorevolezza" : fihetsika mahatehotia na fitiavana te-hanao soa.</u> Tanjon'i don Bosco dia ny hitondra ny tanora hihaona amin'i Jesoa izany hoe ny famonjena ny Fanahy. Tsy inona izany fa ny maha-olona. Ny fanahy no maha-olona hoy isika Malagasy. Ka ny <u>*làlana tokana*</u> ahatratrarana izany dia ny fisian'ny **fitokisana** sy ny **fitiavana**. Ka mitaky ny **fifandraisana akaiky** eo amin'ny mpanabe sy ny beazina. Hoy i don Bosco indray andro niresaka tamin'ireo tanorany toy ny nanao fifanarahana Izy: " *Izaho sy ianareo dia tsy maintsy hifankatia marina sy hifampatoky marina*". Izany hoe ny <u>toeram-panabezana</u> dia tsy maintsy ho toy ny fiainam-pianakaviana anjakan'ny fifampitokisana sy fitiavana. Ka ny mpanabe maneho ny fitiavana amin'ny beazina ary ny beazina matoky izany ka mahatonga azy hanaiky sy hankasitraka. Izany FITIAVANA izany dia mifototra amin'ny tenin'i Md Paoly ao amin'ny 1

mitarika ny dinika.

Fotoana hanamafisana ny fifankahafantarana sy fifankatiavan'ny mpianakavy io fotoana io ary betsaka ny lohahevitra azo itondrana an'io fotoana io: fampianarana, fananarana, fanitaran-tsaina, fandravonana izay mety olana mitranga, fifamelan-keloka, fampitam-baovao, sns….

Araka izany dia miseho amin'ny endriny maro ny dinidinika amorom-patana fanaon'ny Malagasy, mba hahatonga azy hahaliana ny mpianakavy hatrany ary indrindra hisarihana ny fon'ny zanaka hahay mihaino ny ray aman-dreny fa tsy hadray azy ireo ho toy ny olona masiaka sy manasazy ary mitsikera fotsiny ihany.

Ny ANGANO no isan'ny fitaovana iray izay nampiasain'ny Malagasy teo amin'io sekoly manokana io. Tantara noforonina ny angano, kanefa tsy hoe noforonina avy amin'ny aingam-panahy mandalo, fa noforonina noho ny fahatsapana ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina. Manana lohahevitra manokana tiana ampitaina ny angano, izay matetika voafintina amin'ny hoe:

- Fiarovana ny madinika,
- Tsy hanenenana fa ahitana voka-tsoa hatrany ny fijoroana amin'ny marina,
- Tsy misy very anjara ny tsirairay fa samy manana ny azy na dia ireo heverin'ny fiaraha-monina fa farany indrindra aza,
- Tsy misy asa soa very maina fa samy mijinja ny ataony ny tsirairay,
- Ny fiaraha-monina tsy manary ny mpanao ratsy fa manampy azy kosa hiova toetra sy hiala amin'ny asa ratsiny,

Kor 13, 4-7:

Teo amin'ny **tantara**n'i don Bosco; nanonofy Izy tamin'ny 9 taona, nahita lehilahy iray mendri-kaja sady mendri-pitafy; tsy iza io fa i Jesoa, niantso azy sy nilaza taminy fa "*tsy amin'ny alalan'ny herisetra aman-totohondry, fa amin'ny halemem-panhy sy fitiavana no tsy maintsy hakanao azy ireo ho sakaizanao*" (Jereo don Bosco p.33).

➢ *Ny fanabeazana dia raharahan'ny fo*

Tsy misy fanabeazana tafita raha tsy miainga avy amin'ny fitiavana sy ny fahamendrehan'ny mpanabe ary tsapan'ny ankizy sy ny tanora izany eo amin'ny fiainany. Ny tanora tsy hoe tiana fotsiny fa tsy maintsy mahalala fa tiana izy ireo. Izay mahatsapa fa tiana dia ho tia koa amin'ny manaraka. Ka zava-dehibe ny fitiavana asehon'ny mpanabe;

Ahoana ary no ahatsapan'ny tanora fa **tiana** Izy:

- tia ny zavatra tiany, ny mahafaly azy
- mandray anjara amin'ny zavatra tian'izy ireo toy ny kilalao, sns…
- fanehoana ny fanatanterahana ny asantsika amim-pitiavana sy maimaim-poana
- mahafoy fotoana miaraka aminy
- miezaka ny hanaraka ny tian'izy ireo

- Ireo tsy mety miova dia manary ny tenany tsy ho isan'ny fiaraha-monina. Tanjona roa matetika no tian'ny Malagasy hahatongavana eo amin'ny fitantarany angano iray dia fananarana na koa fampitandremana. Tsy dia tia mandratra olona amin'ny fanambarana mivantana izay tsy mety nataony ny Malagasy ka dia tamin'ny alalan'ny angano tantarainy no nanairany ny feon'ny fieritreretan'ny zanany. Rehefa avy nihaino angano ny zanany dia mandinika ny fiainany ary maka lesona ho an'ny tenany amin'izany. Ho an'ireo tsy voakasika mivantana amin'ilay tantara kosa dia mahazo fampianarana ho an'ny tenany ka miezaka ny handrindra ny fiainany ho ara-drariny.	• mamela ny maha-Izy ny tena: olon-dehibe, ny asa, ny andraikittra,… Rahefa tsapan'ny tanora izany fitiavana asehontsika izany dia misy ny fitokisana ary teraka ny **fifankazahoana am-po** ka ahafahantsika **mifankahazo** amin'ny tanora ka afaka manabe. ➢ <u>Ny endrika isehoan'ny FITOKISANA:</u> Fahafahana maneho hevitra – mamela ny tanora hivelatra – misy ny fihainoana – fanomezana lanja manokana ireo zava-bitan'ny tanora.

Fandinihana

- *Inona avy ireo soatoavina sy sori-dalana itovitovizan'ny Fanabeazana malagasy sy ny fanabeazana salezianina raha eo amin'ny resaka fitiavana no jerena ?*
- *Inona ny tena nanaitra anao indrindra ka tokony ho lafiny halalinina eo amin'ny fanabeazana malagasy satria mety hampivoatra ny fanabeazana salezianina* (ny fitiavana ihany no resaka eto)
- *Inona ny maha zava-dehibe na mampiavaka na mandresy lahatra anao amin'ny fanabeazan'i don Bosco? Hazavao*